Tena marina fa i Mpaminany (S.A.W) dia nanalavitra ireo vehivavy mihiakiaka sy manapa-bolo ary mandrovitra lamba

Tatitra azo avy tamin'i Abo Bordah bin Abi Mosa (R.A) niteny : Nanaintaina mafy i Abo Mosa, ary nitolefika teo am-pofoan'ny vehivavy iray avy amin'ny fianakaviany ny lohany, ary tsy afaka namaly azy, dia hoy izy : “Izaho dia manalavitra izay zavatra nalavirin'ny Mpaminany (S.A.W), Tena marina fa i Mpaminany (S.A.W) dia nanalavitra ireo vehivavy mihiakiaka sy manapa-bolo ary mandrovitra lamba.

[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari sy Moslim]

Notantarain'I Abo Bordah (R.A) fa ny rainy, Abo Mosa Al-Ash'ari, dia narary mafy ary torana, ary ny lohany dia teo am-pofoan'ny vehivavy iray avy amin'ny fianakaviany. Nitomany sy nihiakihaka izy, saingy tsy nahavaly na inona na inona izy noho ny tsy fahatsiarovan-tena. Rehefa sitrana izy, dia hoy izy : Izaho dia manalavitra tamin’izay nalavirin’ny Mpaminany (S.A.W), ary i Mpaminany (S.A.W) nanalavitra tamin'ny : Mihiakihaka : Izany dia mampiakatra ny feony rehefa tra-doza. Ny mpanao sola : Izany dia fanapahana ny volony raha sendra loza. Ary mpandrovitra : izany dia mandrovitra ny akanjony raha sendra loza. Satria izany rehetra izany dia isany asa fanaon'ny olona vanompotoan'ny habadoana, fa kosa i Mpaminany (S.A.w) nanome baiko mba hanam-paharetana manoloana ny loza, ary hikatsaka ny valisoa avy amin'I Allah.

http://sunnah.global/hadeeth/mg/show/4849